# Ilay Voa Tsara Nafafy 17 Desambra 2018

# 17 Alatsinainy desambra

**Andeha isika ... hanao izay hahazoantsika laza, fandrao hiely eny ambonin'ny tany rehetra isika.**
Genesisy 11. 4

**Hosoratana amin'ny vovoka izay miala aminao, satria izy efa nahafoy an'i Jehovah, loharano velona.**
Jeremia 17. 13

## Hamboatra anarana hampalaza ny tena ?

Lazaina fa ny mpanao politika, mbamin'ny karazana mpanakanto rehetra, dia te „hamboatra anarana hampalaza ny tenany", izany hoe te hanao izay hahafantaran'ny maro azy, mba hotsarovana hatrany ny lazany, na dia efa maty aza izy. Toy ny hoe isika kosa te hohadinoina raha vao voalevina...

Mandritra ny fotoana vitsivitsy dia hisy mariky ny nandalovantsika tetỳ an-tany, farafahakeliny ao an-tsain'ireo olona akaiky antsika sy any amin'ny sora-piankohonana. Nefa fantatsika tsara fa izay voasoratra etỳ an-tany dia hanjavona, na ho ela na ho haingana... Mifanohitra amin'izany kosa, ny Baiboly dia miresaka ireo izay voasoratra anarana ao „anatin'ny bokin'ny fiainana", „any an-danitra" (Apokalypsy 20. 15 ; Lioka 10. 20). Ireo olona ireo, hoy Jesosy Kristy, dia izay rehetra mino Azy sy ny sorona nataony. Araka izany dia afaka miteny ny mpino tsirairay hoe : Fantatro fa voasoratra any an-danitra ny anarako, satria mino an'i Jesosy Kristy aho. Very aho tany aloha, satria tsy nankatò an'Andriamanitra, ka mendrika ny fitsarany. Nefa maty ho ahy Jesosy, maty mba hamonjy ahy ! Inoako ny Baiboly, izay manambara fa ny sorona nataon'i Jesosy dia mamonjy ahy sy manome ahy ny tena fiainana, dia ny fiainana mandrakizay.

Isika ve hihevitra izay mihelina fotsiny ? Hanao izay rehetra azo atao mba ho fantatra sy halaza eo amin'ny mpiarabelona amintsika ? Hampiasa ny herintsika rehetra ho amin'izay tsy hoentintsika any ankoatra ny fasana akory ? Aleo mihevitra „ny tsy hita ; fa ny hita dia ho vetivety foana, fa ny tsy hita no haharitra mandrakizay" (2 Korintiana 4. 18). Aoka isika hino ny Filazantsara, mba hananantsika ny fiainana mandrakizay, sy hahavoasoratra ny anarantsika ao amin'ny bokin'ny fiainana, any an-danitra.